

Mc DINAH

## « Mozikan'ny fo no voiziko », hoy izy

**N**y « Mozikan'ny fo », izay takarina avy amin'ireo trangam-piara-ha-monina tetsy sy teroa, no arafitr'i Mc Dinah hanjary kanto ankira. Ny « Mc » izay adika tsotra amin'ny hoe : « Ny foko » (Mon cœur). Mampiavaka an'i Mc Dinah ny fampiasana mandrakariva ny gitara entina handravaha ny feo somary mika-soka nefà kanto ananany. Efa nilona an-taonany maro teny anivon'ny antoko mpihira i Mc Dinah ary miangaly ny « Capoera », izay dihy sy fanta-jahatena avy any Brezila. Manan-talenta amin'ny famoronana tononkira koa izy ary maha-



Mc Dinah, tsy misaraka amin'ny gitara.

fehy ny tenim-pirenena Italiana, Espaniola ary ny Anglis, ankoatry te-

nindreny. Ho an'i Mc Dinah ny hizara hafatra mampahery ho an'ireo mila izany noho ny onjam-pianana no antony ikirakirany ny mozika. Tsy nataony an-ki-labao ihany kua anefa ny fitaomana ireo manampanahy hifikitra mandrakariva amin'ilay Andriamanitra nahary. Ny gadona reggae, rap ary ny jazz no akora fototra ampiasain'i Mc Dinah, handrafetana ny mozika la-ao-viny. Tsikaritra anatin'ny tononkiran'ity mpanakanto andriambavilantitra ity ny fampiasana ny « Tenin-jatovo », sy ny tenim-paritra. Mozika natao ho henoina hisinto-

nana sy hanovozan-kery hiatrehana ny fiainana ary sokajiana anatin'ny « vazo miteny », saingy narindra amin'ny endriny hafa kely ny kanto voizin'i Mc Dinah. Ny « I have a dream » sy ny « masôva ». Ireo no ampahany amin'ireo sanganasany efa maro mpankafy. Amperiny ho amin'ny fiketrehana ny kapila mangirana laharana voalohany, hivoaka amin'ny taona 2022 ankehitriny, i Mc Dinah, izay misokatra malalaka amin'ny fiaraha-miasa ho an'izay vonona hanabe voho ny mozika malagasy.

Lalaso R.

## Mpanakanto Dragan d'Ihosy

### Manandratra ny mozika nentin-drazana

Dragin Roger no anarana fenon'ity mpanakanto Zanak'Ihosy, mivoy sy manandratra ny mozika nentim-paharazana mampiavaka ny Barabe, izay monina any amin'ny faritra Ihorome ity. Anarana sy endrika tsy vaovao loatra intsony ho an'ireo mpankafy ny mozika i Dragan d'Ihosy, noho ity farany efa niatrika ny lalao famaranana, natao hiti-liana ireo haren'ny mozika nentim-paharazana malagasy, ny taona 2017, teo anivon'ny fahitalavitra tsy miankina iray, teto larivo.

**Mpanakanto feno**  
Mpmorona, mpandrindra, mpihira ary mpitendry gitara maranim-peo i Dragan d'Ihosy. Anisan'ny iavahany amin'ireo mpanan-

kanto maro ireo. Ankoatry ny fomba fandrindrany ireo haavon'ny feon'ireo jihin-gitara (Cordes) hanjary hanome feon'angoro-dao (taralila), valiha marovany ary kabôsy. Variana sy mitolagaga, araka izany, ireo maheno ny feon-gitara lalaovin'i Dragan d'Ihosy raha mandre ireo feon-javamaneno maro ireo indray miaraka, atosaky ny gitara iray eny antanany.

Hasoangadin'i Dragan d'Ihosy amin'ireo kanto jarany ny mozika nentim-paharazana mampiavaka ny faritra Ihorome. Anisan'ireny ny sery tongatra, karitaky, kibato mangala hoso, tipaky be rambo, belamaky, tsitsiky ary ny rombo bilo. Heno eny antsefatsefan'ireo sang-



Dragan d'Ihosy, manandratra ny kanto nentim-paharazana.

nasani'i Dragan d'Ihosy ihany kua anefa ny « antsa » nentim-paharazana. Tsy ny gadona sy ny fandrindrana ihany no mane-ho ny maha kanto ny mozika nentim-paharazana avy any Ihorome, izay avoi-

tran'i Dragan d'Ihosy, fa eo ihany kua ny fampiasana ny zavamaneno avy any atsimo toy ny katrà (korintsana), ny aponga lahy sy vavy (Karitaky) ary ny gitara tsotra. Ampahany amin'ireo valon'i Dragan d'Ihosy efa nahazo faka amin'ny fan-kafizan'ny maro ankehitriny ny « Vient du sud », sy ny « Jangobo tany misy ». Hetahetan'ity mpanakanto milofo ny hamelo-maso ny mozika nentim-paharazana ity, ny mba hanohanany ny avy eo anivon'ny Minisiteran'ny serasera sy ny kolontsaina azy eo am-pantanterehana ny adidy masina, izay ataony ankehitriny. Ho tanteraka tokoa anie izany.

Lalaso R.

## Misaona ny tontolon'ny Kanto malagasy

### Nodimandry teo amin'ny faha 85 taonany i Gaston Andrianony

Nodimandry teo amin'ny faha 85 taonany i Gaston Andrianony, mpamoronkira, mpitendry zavamaneno, mpihira ary mpanantana fandaharana ihany kua, toy izao no azo amintinana ny mikasika an'i Gaston Andrianony.

Efa hatramin'ny fahazazany i Gaston Andrianony no efa tia mozika, tany Ambatolampy no nandianany ny fahazazany, mbola ankizy izy no nihaona tanmin' Andrianary Rataniarivo, mpamoronkira sy mpitendry zavamaneno andrarezina, samy avy any Ambatolampy izy ireo, ka izay no nahatonga ny fifaneraseran teo amin'izy mianaka. Isaky ny tonga any Ambatolampy Andrianary Rataniarivo dia tonga mijery azy mitendry zava-maneno i Gaston Andrianony, ary ny fahitana izany, no nanesika azy hianatra sy han-dalina mozika. Maro ireo hira noforonin'i Gaston Andrianony tsy afaka amba-van'ny mpankafy ny kanto toy



Gaston Andrianony fahavelony.

ny : Tsimialonjafy (hira fiahaha-bana io), Lavi-tiana, Minia aho hanadino, Hiran'ny mpiandy fody, Firasankina,... ankoatran'ny hira madinika dia maro ireo hira fitoriana noforonin'i Gaston Andrianony. Ny nampiavaka ny Tarika Gas-

ton Andrianony dia ireo fianakaviani, nonofaniny ho mpihira sy mpitendry zavamaneno, sady nampihirainy ireo sangan'asany, nisantatra izany i Ony anabaviny, izay mpihira malaza tao aminy sady nihira ny sangan'asan'i Rolland Raelison toy ny Neny Masoandro lalaina, sns... taty aoriania dia ireo zanaka'anabaviny toa an'i Nené sy Noe ary Fanja no nikalo ny hirany.

Malalaka sy mivelatra ny fomba fijerin'i Gaston Andrianony ny mozika, tsy nahagaga raha nisafidy nihira ny gadonkira Rock i Nini zanany, izay mpihira ao amin'ny tarika Kiaka, kanefa marihina ihany kua fa mahafehy ny hiran-drainy tanteraka i Nini, sady havanana amin'ny fikaloana ireo hiran'ny omaly, ka tsy nahagaga raha nofidian'i Salomon manokana i Nini nandray anjara tamin'ny fankalazana ny fahenimpolo taona niakaran'i Salomon antsehatra. Fa ankoatran'ny famoronankira

sy ny fitendrenena zavamaneno dia nahavite tokoa i Gaston Andrianony teo amin'ny fampahafantarana ireo hira tranainy teto amintsika, satria tamin'ny fotoan'andro izy sy Jean Rossinah dia niaraka nanantontosa ny fandaharana « Tsiahin'ny andro finaritra » tao amin'ny Radiompierenenena.

Tamin'ny taona 2018 dia niaraniakatra antsehatra tamin'ireo mpanankanto feno valopolo taona toa an'i Henri Ratsimbazafy, Biry (Railovy), Jean Rossinah, Abel Ratsimba sns... i Gaston Andrianony. Ny alin'ny Alahady 29 Aogositra 2021 hifoha ny Alatsinainy 30 Aogositra 2021, no nodimandry i Gaston Andrianony, ary any amin'ny fasampianakaviana any Ambatolampy no halevina ny nofo mangatsiakany. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakavian'i Gaston Andrianony.

Ny Valosoa

## Sakafo Ny Valosoa



Trondro maina sy kabaro sy anamalaho indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana angivy kua izany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafody natoraly mampisy fitadidiana

Fanafody natoraly mampisy fitadidiana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Betsaka ny Ankizy mora manadino zavatra ankehitriny, noho ny tsy fisian'ny fitadidiana ao aminy, nefà ny mahazatra antisika dia ny olona efa mahazo taona no tokony ho mora manadino zavatra.

Zavatra ilaina: clous de girofle na jirofo 30, ronono ve-lona iray litatra.

Fomba fikarakarana azy : totoina ho lasa vovoka ilay Clous de Girofle teo. Rehefa vita izay dia araraka ao anaty ronono velona 1 litatra ary ampangotrahana mandritra ny 5 minitra, ka tatavanina izay vao azo ampiasaina.

Fomba fampiasana azy: sotroina indray vera isaky ny maraina be ary mandritra ny 10 andro ny faharetan'ny anaovana izany.

Mazava ho azy fa rehefa lany dia manao vaovao hantrany, ary azo hafanaina na hatao anaty frigo ireo ambin'y akora natoraly ity, mba tsy ho simba.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Andriamena any amin'ny distrikan'i Tsaratanana faritra Betsiboka

Ny tanànan'Andriamena any amin'ny distrikan'i Tsaratanana faritra Betsiboka indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andriamena ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miiisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Tsaratanana. Azo lazaina ho avo toerana izy, satria 771 m ny haavony mio-hatra amin'ny ranomasina. Any amin'ny faritra atsimaninan'ny faritra Betsiboka no misy azy. Vokatra any an-toerana ny vary sy ny haninkotrana isan-karazany toy ny katsaka, ny mangahazo,... Mampalaza an'Andriamena ny harena ankibon'ny tany: Chrome, eo koa ny volamena. Mpiompy omby ihany kua ny any amin'izany toerana izany.

